


ALAROBIA - LAVENONA - TAONA A



Ny Rainao izay mahita ny miafina no hamaly soa anao.

Ry Kristianina havana, amin'izao Alarobia fanosorana ny lavenona izao no vanim-potoana lehibe entintsika miomana amin'ny Paka izay fandalovana, miala amin'ny ratsy miditra amin'ny tsara, miala amin'ny fahafatesana miditra amin'ny fiainana, miala amin'ny fahotana miditra ao amin'ny fiadanana ary dia atombontsika androany Alarobia voalohany volana marsa izao ihany koa ny volan'I Md Josefa mifanojo amin'ny fanombohantsika ny karemy. Fantantsika ny anjara toerany amin'ny famonjena, izy ilay lehilahy marina sy tia vavaka ka noho izany azo lazaina fa i Md Josefa dia modely ho antsika amin'izao hamakivakiansika ny karemy izao : 40 andro izay mampahatsiaro ny 40 taona namakivakian'ireo vahoakan' Israely ny tany efitra ho any amin'ny tany nampanantenaina. Niala

Vakiteny I : **Joely 2, 12-18**
Tononkira : Sal. 50,
Vakiteny II : **2 Kôr. 5, 20-6, 2**
Evanjely : **Mt. 6, 1-6, 16-18**

tamin'ny fanandevozana tao Ejipta izy ireo ka tonga tao amin'ny tany nampanantenaina. Toy izany koa isika, miala amin'ny fanandevozan'ny fahotana isika dia miditra amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy tafatsangan-ko velona, izay no ambaran'ny Paka. Mampahatsiaro atsika koa ilay 40 andro niainan'i Jesoa Kristy tany an'efitra ka nakan'ny

demony fanahy azy. Isika koa eo amin'ny fiainantsika, maro ny fakam-panahy izay tsy maintsy hatrehintsika, mbola misy ny fotoana handiniansika manokana io fakam-panahin'i Jesoa io, izay manjo atsika amin'ny fiainantsika andavanandro.

Ao anatin'ny volan'i Md Josefa no hiainantsika ny karemy, Josefa lehilahy marina sy tia vavaka. Io no azo amintinana ny ventin-kevitra tian'ny Eglizy hiainantsika amin'izao fanombohan'ny karemy izao. Mifanojo tsara amin'ny lohahevitra izay efa noraisintsika eto amin'ny "province ecclésiastique" amin'izao taona 2017 manaraka ny taona masina famindrampo izao dia ny hoe : " Jesoa mpiara-belona sy mpiara-dàlana amintsika", mpiara-belona amintsika tokoa izy satria miatrika atsika amin'ny fiainana. Io no ho dinihantsika amin'izao karemy izao. Ady sady dia ny fiainantsika, ADY amin'ny ratsy sy DIA mankany amin'ny tena fiainana, ny fianana Kristianina izany hoe fiainan'I Kristy

satria Kristianina avy amin'i Kristy. Raha miaina tahaka an'i Md Josefa isika, manao ny marina, tia vavaka dia miova ny fiainantsika ka miala amin'ny ratsy isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao, miala amin'ny fahotana ka miditra amin'ny hasambarana, miala amin'ny fanandevozan'ny ratsy ka mandeha amin'ny tany nampanantenaina tahaka ny vahoakan'Andriamanitra niala tamin'ny fanandevozana, miala amin'ny fahafatesana vokatry ny ratsy sy ny fahotana ka miditra amin'ny fiainam-baovao izay hankalazaintsika amin'ny Paka.

Izany no tian'ny Eglizy ambara amin'ny lavenonana. Manosotra lavenona midika fahafatesana izany satria vovoka no hosorina amin'ny andrintsika. Tsara tsarointsika ny tenin'ny pretra rehefa manositra ny lavenona izy : "Mibebaha ka minoa ny Evanjely". Ny marina no maha hendry atsika hoy ny fampianarana re any amin'ny sekolintsika, ny marina no maha olona afaka atsika, raha mibebaka isika dia manao ny marina, miaina tahaka an'i Kristy.

Inona moa no hafantarantsika fa miaina tahaka an'i Kristy isika ?

Ny fihainoantsika ny Evanjely sy ny fianantsika azy. Izany no tian'ny vakiteny voalohany (Joely 2, 12-18) ambara amintsika raha miteny izy hoe "*Miverena amiko, amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fifadian-kanina sy amin-dranomaso amam-pitarainana. Ny fonareo no rovidrovito, fa aza ny fitafianareo, dia miverena amin'ny Tompo Andriamanitrareo, fa mamindra fo sy miantra lzy*" Tsy ny ety ivelany, tsy ny fihatsaram-belatsihy no katsahina fa ny fontsika hiova ho fo Kristianina, ho fo mamindra fo, manatanteraka ny asa famindrampo na ara-panahy na ara-batana, manaja ny tontolo iainantsika mba hivellarantsika ao anatin'ny fiainana feno fanantenana izay ambaran'ny loko maitso. Aoka ny fontsika hodiovintsika, maro ny "encombrement" ao amin'ny fontsika ka araraotintsika izao 40 andro izao mba hanesorantsika ireo rehetra ireo izay vokatry ny fitiavan-tena, ny lainga, fitapitaka, lolom-po manapotika atsika, ireny avonavona, ireny no tsy maintsy hialantsika fa ny fifadian-kanina tena izy dia isika manorina fiainana ao amin'ny Tompo izany hoe manatanteraka ireo asa fito ny famindrampo ara-panahy sy ny asa fito famindrampo ara-nofo.

Miezaka isika araka ny hafatr'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (2 Kôr. 5, 20-6, 2) : "*Solon'i Kristy izahay no irak'Andriamanitra, ka tahaka an'Andriamanitra no mananatra sy toy ny Tenan'i Kristy no mihanta aminareo hoe: Mihavàna re amin'Andriamanitra ianareo! Fa he ity lzy: Ilay tsy nahalala ota, dia nataony ota ho antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika*" Aoka re isika hihavana amin'Andriamanitra, amin'ireo mpiara-belona, amin'ny tontolo iainana izany hoe hiaina feno ny fahamarinana, mampanjaka ny rariny, miaina ny fihavanana tena izy, tsy misy fihatsaram-belatsihy, mikatsaka ny soa, manao soa ny namana, mikatsaka ny soa iombonana, ary izany rehetra izany hiainana amin'ny alalan'ny vavaka izany hoe firaiketam-po tanteraka amin'Andriamanitra.

Asa telo no tian'ny Eglizy hianantsika amin'izao vanim-potoanan'ny Karemy izao :

- Ny vavaka tsy misy fihatsaram-belatsihy fa tena vavaka ao anatin'ny fahamarinana tokoa, ny asa fiantrana izay nolazaintsika teo, ny asa fito famindrampo ara-panahy, ny asa fito famindrampo ara-nofo ary ny fanajana ny tontolo iainana.

- Ny Vavaka ara-panahy anatin'ny fahamarinana tokoa dia izany no ataontsika hanatanterahana ny fanaovana soa, hiezaka hivelona ny tena fivavahana marina izay hoe hiezaka hiombona amin'Andriamanitra satria izany no tena vavaka, hiombona aminy amin'ny ataontsika rehetra. Mandray kominio dia miombona amin'i Jesoa, raha miombona aminy isika dia miombona amin'ny olombelona isika.
- Ny fifadian-kanina, marina fa tsy miova ny lalàn'ny Eglizy fa ny tena hifadiantsika dia ny fanaovantsika ny kibontsika ho Andriamanitra. Ny hanina rehetra io no ataontsika ho farantampony. Ny fifadian-kanina tian'Andriamanitra ataontsika dia ny fifadian-kanina mitodika amin'ny fanaovana soa sy fiantrana ny hafa, hanasoavantsika ihany koa ny mpiara-belona amintsika.

Hamakivaky an'ity karemy ity izahay ry Jesoa Tompo, hitondra anay amin'ny Paka fankalazana ny fitsanganan-ko velona, ianao nandresy ny ratsy, ka ny fahasovanao anie hanampy anay, ny zavatra rehetra mi "encombré" ny fonay anie ho esorinay fa ka ianao no hanjaka ao aminay ka amin'izay dia tena vavaka no ataonay fa tsy misy fihatsaram-belatsiky, toy izany koa ny asa soa ataonay mba ho asa soa ao anatin'ny fitiavana tsy misy takalo fa maimaim-poana vokatry ny fitiavanao anay. Ny fifadian-kanina ataonay anie hanampy anay hamolaka ny tenanay ka hiombona aminao amin'ny alalan'ny vavaka, hamolaka ny tenanay ka hampisokatra ny fonay amin'ny mpiara-belona aminay, hanao asa soa izahay. I Md Josefa tokoa anie ho modely ho anay amin'ity famakivakianay ny karemy mandritra ny 40 andro ity, hanao ny marina anie izahay sady ho tia vavaka tahaka an'i Md Josefa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson